# Lesona 2: Mahafantatra An'andriamanitra

## A. Fanambarana ny toetran'Andriamanitra

1. Salamo 19:1-6 Inona no fijoroana ho vavolombelona mahataona ataon'i Davida mpanao salamo momba ny zavaboary izay fanehoana ny toetran'ilay Andriamanitra Mpamorona antsika?
2. Aiza no ahitanao ny toetran'ilay Andriamanitra Mpamorona antsika hita ao amin'ny Genesisy momba ny famoronana? Genesisy 1:26, 31, 2:1-3, 7, sns.
3. Salamo 19:7-10 Nahoana no zava-dehibe tokoa ny fanambarana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny mpaminany ary indrindra amin'ny alalan'i Jesosy amin'ny fahazoana sary mazava kokoa ny toetran'Andriamanitra? (Jereo koa ny Hebreo 1:1-3).
4. Ahoana no nitadiavan'ilay anjely lavo, dia i Satana haneho ny sary diso ny amin'ny toetran'Andriamanitra? Jaona 8:44; Genesisy 3:1-5
5. Ahoana no nanampian'Andriamanitra anao hahita mazava kokoa fanambarana momba ny toetrany? (misaintsaina ny fiainan'i Jesosy, mianatra ny Soratra Masina ombam-bavaka, sns.)

## B. Andriamanitra dia fitiavana agape

1. Inona no famintinana fohy nefa mazava omen'ny apostoly Jaona momba ny toetran'Andriamanitra? 1 Jaona 4:8
2. Ahoana no nanohizan'ny apostoly Jaona an'io foto-kevitra io ao amin'ny taratasy voalohany nosoratany ho an'ny Kristianina? 1 Jaona 4:7-19
3. Aiza no ahitanao ny fitiavan'Andriamanitra asongadin'ny fampianaran'i Jesosy? Jaona 3:16, sns.
4. Aiza no ahitanao ny fitiavan'Andriamanitra naseho tamin'ny fanompoana nataon'i Jesosy teto an-tany?
5. Ahoana no fiantraikan'izany fanambarana izany aminao, dia ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra tsy hay refesina?

## D. Masina Andriamanitra

1. Inona no fanambarana azo avy amin'ny tsindrimandry atolotry ny mpanoratra ny Salamo 99 momba ny toetran'Andriamanitra? Salamo 99:1-3, 5
2. Inona no fanambarana momba ny toetrany nomen'Andriamanitra ny mpaminany? Levitikosy 19:2, Isaia 6:1-3, Apokalypsy 4:8, sns.
3. Inona no fiantraikan'ny vavaka nataon'i Hana momba ny toetran'Andriamanitra aminao? 1 Samoela 2:1-2
4. Inona no fampaherezana hitanao ao amin'ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jehovah ao amin'ny Isaia 57:15?
5. Nahoana no zava-dehibe ny mahita ny antso ho amin'ny fahamasinana eo amin'ny sehatry ny fifandraisana amin'Andriamanitra? 1 Petera 1:13-16

## E. Andriamanitra dia Imanoela

1. Inona no zava-miafina ambaran'ny apostoly Jaona ao amin'ny fitantarany ny filazantsara? Jaona 1:1-4,14 (ny fahatongavana ho nofo)
2. Inona no fanambarana nataon'ny anjelin'i Jehovah tamin'i Josefa mpandrafitra? Matio 1:18-23
3. Inona no ambaran'ny fahatongavana ho nofo amin'ny fanirian'Andriamanitra hanana fifandraisana ety amintsika?